

MANANA FINOANA
Lesona 8 hatao ny 23 May, 2026



"Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita"


(Hebreo 11:1)

Tsy maintsy misy zavatra iray iraisana, dia ny finoana, ny fahalalana an'Andriamanitra, ny fianarana Baiboly ary ny vavaka mba hahatonga azy ireo ho singa manova ny fiainantsika.

Raha tsy misy finoana, dia fahalalana fotsiny ihany, na fombafomba tsy misy heviny ireo singa ireo.

Fa raha miaraka amin'ny finoana dia hanjary singa mahery vaika izay hitondra antsika ho amin'ny fara-tampony ambony indrindra amin'ny fanandramantsika ara-panahy ireo: "ny zavatra rehetra dia hain'ny mino." (Marka 9:23).







**Ireo karazana finoana :**

- Finoana sy famantarana
- Ny fatra ny finoana
- Finoana sy fihetseham-po

**Inona no atao hoe finoana ?**

- Famaritana sy fivoaran'ny finoana
- Ny finoana an'i Jesosy

# IREO KARAZANA FINOANA

# FINOANA SY FAMANTARANA

" 'Dia hoy Jesosy taminy: "Raha tsy mahita famantarana sy fahagagana ianareo, dia tsy mba hety hino mihitsy.' " (Jaona 4:48)







Ny famantarana dia marika manokana na fampisehoana miavaka iray omena mba hanamafisana hafatra iray avy amin'Andriamanita na entina hanohana ny fahefan'Andriamanitra. Na dia fahagagana aza no fandraisana ny famantarana amin'ny ankapobeny — toy ny fampakaram-bady tao Kana (Jaona 2:11) — dia famantarana ihany koa ny nitobian'ny Isiraely teo amin'ny Tendrombohitra Sinay mba hanompo an'Andriamanitra (Eksodosy .

Nangataka an'i Jesosy mba haneho famantarana izay afaka hanaporofo ny maha-Mesia Azy ny Fariseo, mba hinoan'izy ireo Azy (Marka 8:11).



Nisento mafy am-panahy i Jesosy noho izy ireo nangataka famantarana hanamarinana ny tsy finoany (Marka 8:12). Rehefa tsy te hino ny olona iray dia tsy hisy famantarana haharesy lahatra azy.

Nomen'Andriamanitra porofo ampy isika ao amin'ny Teniny sy eo amin'ny zavaboary mba hinoan'izay rehetra te hino. Na izany aza, dia misy foana ny fisalasalana. Izany no antony nanomezan'i Jesosy fitahiana manokana ho an'"izay tsy nahita, nefa nino." (Jaona 20:29).

# NY FATRA NY FINOANA



“Fa hoy ny Tompo: “Raha manana finoana na dia hoatra ny voan-tsinapy iray aza ianareo, dia azonareo lazaina amin'io vorihazo io hoe: ‘Miongota, ary aoka hambolena ao anatin'ny ranomasina,’ dia hanaiky anareo izy’ ” (Lioka 17:6)

**Misy fatra samihafa ny finoana:**

**Ny finoan’ny apostoly**




**“Tsy mbola manam-pinoana va ianareo?” (Mar. 4:40)**

**Ny finoan'i Petera**



**“Ry kely finoana!” (Mat. 14:31)**

**Ny finoan'ilay raim-pianakaviana**



**“Vonjeo fa tsy ampy finoana” (Mar. 9:24 DIEM)**

**Ny finoan'ilay vehivavy Kananita**



**“Lehibe ny finoanao” (Mat. 15:28)**

**Ny finoan'ilay Kapiteny**



**“Tsy mbola nahita finoana lehibe toy izany Aho, na dia tamin'ny Isiraely aza” (Lioka7:9)**

**Ny finoan'i Stefana**



**“Lehilahy feno finoana” (Asa 6:5)**

**Mazava ho azy fa mitombo ny finoana rehefa voaongotra ny fototry ny tsy finoana.**

**Tsy maintsy misolo tsikelikely faharesen-dahatra ny fisalasalana. Tokony ho fangatahantsika ny: “Ampitomboy ny finoanay” (Lioka 17:5).**

**Amin’ny alalan’ny asan’ny Fanahy Masina sy ny fandalinana ny Baiboly ary ny fiainantsika miaraka amin’Andriamanitra dia afaka mahita isika fa “mitombo fatratra ny finoanareo” (2 Tes. 1:3).**





# FINOANA SY FIHETSEHAM-PO

"Fa fahasoavana no namonjena anareo amin'ny finoana; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra." (Efesiana 2:8)

Fihetseham-po ve ny finoana sa asa vokatry ny fisainana?





Zava-dehibe ny valin'io fanontaniana io. Tsy mitovy ny miteny hoe "MAHATSAPA aho fa voavonjy" sy ny hoe "FANTATRO fa voavonjy aho."

Nefa, andeha hatomboka hatramin'ny voalohany. Inona no fiandohan'ny finoana? Avy amin'Andriamanitra ny finoana ary nomeny antsika ho fanomezana izany (Rom. 12:3; Efes. 2:8).




Rehefa mandray tsara an'io fanomezana io isika—rehefa manomboka mampiasa finoana—dia miteraka fihetseham-po toy ny fifaliana ao anatintsika ny finoana; fahatoniana; fahatsapana fanamaivanana ara-panahy; ...

Nefa ny finoana dia tsy fahatsapana; fa "fahazoana antoka" sy "fahatokiana" (Heb. 11:1). Tsy zavatra miankina amin'ny toe-pontsika. Rehefa mahatsiaro ho malemy aho, na mahatsapa fa lavitry ny famonjena, dia amin'izay indrindra no tsy maintsy hanehoako finoana.

# INONA NO ATAO HOE FINOANA?

# FAMARITANA SY FIVOARAN'NY FINOANA

Maneho famaritana malalaka ny finoana ny Hebreo 11:1, 3, sy 6. Misy ifandraisany betsaka amin'ny fahalalantsika an'Andriamanitra ny finoana. Mitarika antsika hino Azy amin'ny maha Mpamorona sy Mpamaly soa Azy izany.


Amin'ny andininy manaraka, dia manazava ny finoan'ireo lehilahy sy vehivavy maro izay ohatra sy fampaherezana ho antsika mba tsy ho kivy eo am-piandrasana valisoa i Paoly.

Araka ny efa hitantsika dia tsy mitovy fatra ny finoantsika. Inona no hataoko mba hampitombo ny finoana ananako, na kely izany na lehibe?


"Ary ny finoana no fahatokiana ny amin'ny zavatra antenaina, fanehoana ny zavatra tsy hita."
(Hebreo 11:1)




Ampiasao ny finoana, na dia kely aza izany (Mat. 17:20)


Mianara Baiboly (Rom. 10:17)


Mangataha amin'Andriamanitra mba hampitombo azy (Lio. 17:5)


Aza manaiky ho resin'ny fisalasalana (Mar9:23-24)


Aza miantehitra amin'ny finoan'ny hafa (Mat. 25:8)


Mandray ny Fanahy Masina (Gal. 5:22)



Mandeha amin'ny finoana mandrakariva (2 Kor. 5:7)



# NY FINOANA AN'I JESOSY

"Indro ny faharetan'ny olona masina, dia izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy" (Apokalypsy 14:12)

Isika, izay mpino velona amin'ny fotoana manakaiky ny fiverenan'i Jesosy izao, dia miavaka amin'ny zavatra roa izay tsy maintsy "tandremantsika" (dia fankatoavana na faharetana) dia ny didy sy ny finoana an'i Jesosy (Apok. 14:12). Ny Lalàna (ny didy) sy ny Filazantsara (finoana) dia mifamatotra. Tsy afaka ny hankato ianao raha tsy manana finoana, na mino nefa tsy mankatò. Inona anefa no hevitry ny hoe "finoana an'i Jesosy"?



- Mankatò an'i Jesosy sy ny Teniny
- Manana fanandramana isan'andro miaraka amin'i Jesosy
- Manao an'i Jesosy ho ivon'ny fiainantsika
- Miaina araka ny finoantsika
- Mampiorina ny finoantsika amin'i Jesosy
- Maneho an'i Jesosy eo amin'ny fiainantsika
- Manaiky ny fanomezany ny fahasoavany

Noho ny finoana an'i Jesosy dia nohamarinina isika (Rom. 5:1), nohamasinina (Asa. 26:18), ary tonga zanak'Andriamanitra (Jaona 1:12).

"Dia matokia ny fitarihan'ny Tompo Jesosy anao ho amin'ny lala-marina isaky ny indray mandingana. Afaka mahazo toky sy hery ianao amin'ny dingana androsoanao, satria azonao antoka fa eo an-tanany ny tananao. "Hihazakazaka ianao fa tsy ho sasatra"; "handeha nefa tsy ho reraka," satria tsapanao amin'ny alalan'ny finoana fa eo an-tanan'i Kristy ny tananao. Tsy ho resin'ny hakiviana ianao, satria araka ny androsoanao amin'ny fahalalana ny Tompo sy itokianao Aminy, no hahazoanao antoka fa manampy anao mandrakariva Ilay tsy mandao na mahafoy mihitsy izay mitoky tanteraka Aminy."

EGW (Ny Fiahian'Ilay Raintsika, 27 Oktobra)